NY TSARA HO FANTATRA MOMBA NY FIANARANA KABARY ETO AMIN'I FI.MPI.MA. KANADA

Faharetan'ny fiofanana :

- Volana vitsivitsy
- Adiny roa (2h), isa-kerinandro
  * dinidinika + lesona + fampiharana (mise en pratique) *

Tanjona :

- Fahaizana mikabary
- Fandalinana ny teny malagasy sy ny fomba amam-panao malagasy
- Fanamafisana ny fifandraisan'ny samy Malagasy (vokatry ny fifaneraserana mandritra ny fotoam-pianarana).

Fanombohan'ny fampianarana :

- Ho faritan'ny birao, araky ny isan'ny olona.
- Fampianarana ampitain-davitra (télé-enseignement), amin'ny alalan'ny ZOOM, aloha hatramin'izao.
- Rehefa afaka ny COVID dia afaka manatri-maso sy mihaona mivantana arakaraka ny toerana.

Fandaharam-pianarana :

- Iraisan'ny mpianatra rehetra.
- Mizara telo lehibe ny fandaharam-pianarana :
  - **kabary ankapobeny na /sy kabary fandraisam-pitenenana andavanandro** (terabao, fiarahabana taom-baovao, tsingerin-taona nahaterahana, tsingerin-taona fikambanana na fiangonana, famangiana marary , fisaorana, sns…) ;
  - **kabary am-panambadiana malagasy**
  - **kabary an-karatsiana** (famangiana manjo,fandevenena, sns…)

Mpampianatra :

- Tendren'ny Filankevitry ny Fampianarana.
- Mpampianatra efa manana traikefa (expérimenté): na avy any Madagasikara, na aty ivelan'ny Nosy .
- **Tsy karamaina fa mizara maimaim-poana ny fahalalany (bénévolat)**

Fotoana, toerana :

- Ny fotoana dia izay hifanarahan'ny mpianatra sy ny mpampianatra (ohatra : Asabotsy na alahady tolakandro na takariva)
  Tsara raha tafaray amin'ny toerana iray ireo mpianatra, fa izay no mampazoto azy no sady sehatra ahombiazana ho an'ny fampiharana (mise en pratique).

- Azo atao ny manao fampiharana isaky ny sokajy amin'ny fotoana hafa izay hifanarahana raha toa ka ilaina.

Saram-pisoratana anarana :

- Maimaim-poana ny fampianarana, tsy misy saram-pianarana aloa isam-bolana, fa saram-pisoratana anarana eny am-piandohana ihany no aloa mandra-pamoaka ny andiany, hoenti-manana izay ilaina amin'ny fampianarana.
- Ny vola ho aloa dia Can$ 30.-

Boky sy rakitra fianarana :

- Tsara mijery ireo boky fianarana, izay efa misy, fa **tsy voatery hovidina.**

Fanadinana (examen) :

- Amin'ny faran'ny taom-pianarana, izay ho atao amin'ireo tanàn-dehibe.
- Fanadinana an-tsoratra sy am-bava, izay iraisan'ny mpiadina rehetra.

Famoahana mpianatra, fizarana mari-pahaizana : (sortie de promotion et remise de diplômes)

- Rehefa vita ny fianarana dia ho faritana miaraka ny daty.
- Mari-pahaizana tokana avy any amin'ny Foibe FI.MPI.MA. miaraka amin'ny lanja-pahaizana (mention)

Fandaniam-bola hafa :

- Hofan'ny trano fianarana raha toa ka hisy izany.
- Lanonam-pamoahana « cérémonie de remise de diplômes »: fitafiana na lamba mitovy, sakafo, sns…
- **Ny mpianatra no hiara-hidinika ny hanatontosana ireo**
  (Ho maivana ny fandraisana anjaran'ny tsirairay momba ny vola raha maro ny isan'ny mpianatra)

Fanazavana fanampiny :

Aza misalasala manoratra na miantso an’ireto olona manaraka ireto :

- **www.fimpima-kanada.ca**
  na
  mpiandraikitra[at]fimpima-kanada.ca

- **RAJAONARIVELO Hervé**
  Talen’ny fampianarana FI.MPI.MA. eto Kanada.
  Emailaka : ndrianakabary[at]gmail.com
  Finday : +1-514-779-7652

- **ANDRIAMAMPANDRY Yves**
  Talen’ny fampianarana FI.MPI.MA. eto Kanada.
  Emailaka : yvephr[at]gmail.com
  Finday : +1-514-475-1861